« CONNAISSEZ VOS DROITS »

Campagne d'éducation, de sensibilisation, et de vulgarisation des Droits de l'Homme sur le thème

# Tous les droits de l'Homme pour tous les Malgaches

OUR RIGHTS
OUR FREEDOMS
ALWAYS

***Série 1***

## « Les droits de l'Homme dans l'administration de la justice »

NATIONS UNIES
DROITS DE L'HOMME

Octobre 2017

HRE/ADM/S/4

23121

NATIONS UNIES DROITS DE L'HOMME

« CONNAISSEZ VOS DROITS »



## Promouvoir l'accessibilité à une justice protectrice des droits de l'homme.

A l'observation et à l'analyse des 159 recommandations acceptées par l'État malgache dans le cadre du 2ème cycle de l'Examen Périodique Universel en novembre 2014, ainsi que de celles issues des organes des traités et des procédures spéciales, la traduction, la diffusion et la vulgarisation des textes nationaux et internationaux relatifs aux droits de l'homme constituent le dénominateur commun, la recommandation la plus constante et récurrente.

Fort de ce constat, le Haut- Commissariat aux Droits de l'Homme (HCDH), fidèle à son mandat de promotion et de protection des droits de l'homme, accompagne le Gouvernement à travers la mise en œuvre de différentes initiatives dont le renforcement de l'Éducation aux droits de l'homme.

OHCHR



HRE/ADN/5/4

C'est dans cette optique de promotion et de vulgarisation des droits de l'homme que le HCDH entend assurer une publication régulière de brochures qui présenteront et expliqueront d'une manière simple et accessible des thèmes spécifiques de droits de l'homme.

Plus concrètement, à travers cette série de publication, il s'agira de promouvoir une culture universelle des droits de l'homme et du vivre ensemble; de démystifier la notion de droits de l'homme; de la sortir des amphithéâtres et des bureaux et autres salons feutrés; de la rendre accessible au vendeur à la sauvette d'Analakely, à la rizicultrice de Farafangana, au cultivateur d'Ambilobe, à l'éleveur de Beloha, au pêcheur de Ramena, au détenu d'Ankazobe, au paysan d'Ihosy, à la vendeuse de légumes de Morafenobe; de l'implanter au cœur des discours, réflexes et comportements des acteurs étatiques et non étatiques, ainsi qu'au centre des politiques, des plans et autres stratégies des institutions.

Les brochures, qui seront produites en

malgache et en français, sont destinées aussi bien aux détenteurs d'obligations qu'aux titulaires des droits.

Nous vous présentons la première édition de la publication qui porte sur les droits de l'homme dans l'administration de la justice.

Elle met en lumière l'importance du respect des principes et standards des droits de l'homme dans, *inter alia*, les procédures d'arrestation, d'enquête préliminaire, d'instruction, de détention préventive, de jugement, et d'exécution des peines.

**Omer KALAMEU**

**Conseiller aux Droits de l'Homme**

## Etape 1. Arrestation et enquête préliminaire

### QUI PEUT ARRÊTER LE SUSPECT ?

- Les officiers supérieurs de police judiciaire (OSPJ), les officiers de police judiciaire (OPJ), les agents de la police judiciaire (APJ) **(Art 123 à 127 C.P.P);**
- Les fonctionnaires et agents des administrations et services publics auxquels des lois spéciales confèrent des pouvoirs de constatation et de poursuite. Ces fonctionnaires et agents doivent être assermentés avant d'être admis à exercer leurs fonctions. **(Art 128 C.P.P);**
- Tout citoyen, en cas de crime ou de délit flagrant. **(Art 143 C.P.P).**

### LA GARDE-À- VUE

***Qui décide de la Garde-à-vue ?***

- Les officiers de police judiciaire, **pendant un délai de 48 heures donc 2 jours (Art 136 al 1 C.P.P)**, à l'expiration duquel le suspect doit être relâché ou conduit devant le magistrat du Ministère Public;
- Le délai ne peut-être prolongé, d'une durée n'excédant pas 48 heures, que sur

autorisation du magistrat ou officier du Ministère Public, et cette prolongation doit être confirmée par écrit et jointe au P.V **(Art 136 al 4 C.P.P).**

***Un suspect a des droits:***

- Présomption d'innocence jusqu'au prononcé de la décision définitive de condamnation **(Art 11 de la Déclaration Universelle des Droits de l'Homme);**
- Droit à l'égalité devant les Tribunaux **(Art 14 du PIDCP);**
- Etre informé des raisons de son arrestation;
- Recevoir les visites de ses proches et être assisté par un avocat;
- Etre traité avec humanité;
- Etre gardé dans un endroit propre;
- Etre entendu sur PV dans une langue qu'il comprend;
- Signer ou ne pas signer le PV s'il n'est pas d'accord avec le contenu;
- Ne pas être torturé;
- Refuser de parler;
- Recevoir la consultation d'un médecin si nécessaire.

*N.B : On ne doit pas garder les enfants, (Art*

***35 et 43 de l'ordonnance 62-038 du 19 Septembre 1962 sur la protection de l'enfance),*** *les femmes et les hommes dans les mêmes endroits.* ***(Art 556 du C.P.P).***

## <u>Etape 2. L'instruction</u>

### QUI ASSURE L'INSTRUCTION ?

- C'est le juge d'instruction qui a donné l'ordre d'arrêter un inculpé qui assure l'instruction.

***<u>Pendant l'instruction, un inculpé a des droits:</u>***

- De connaître les motifs de son inculpation **(Art 273 du C.P.P);**
- De faire ou ne pas faire de déclarations **(Art 273 du C.P.P);**
- D'avoir un avocat ou un conseil pour sa défense, s'il n'a pas les moyens, le juge lui trouve un avocat gratuitement **(Art 53 du C.P.P);**
- De communiquer librement avec son avocat après la première comparution **(Art 54 du C.P.P);**

**(Art 54 du C.P.P);**

- ☞ D'être traité avec respect;
- ☞ D'être entendu immédiatement dans les 24 heures après son arrestation en vertu d'un mandat d'amener **(Art 104 du C.P.P);**
- ☞ D'être libéré à l'expiration de ce même délai, s'il n'a pas été entendu, ni fait l'objet d'un interrogatoire **(Art 105 du C.P.P).**

## Etape 3. La détention préventive

### QUI DÉCIDE DE LA DÉTENTION PRÉVENTIVE ?

La détention préventive est une mesure exceptionnelle prise par le juge d'instruction ou la chambre de détention. **(Art 223 bis et Art 333 et suiv. C.P.P).**

***Utilité de la détention préventive:***

*La détention préventive a lieu si elle est nécessaire pour :*

- ☞ Conserver les preuves et les indices matériels;

- Ecarter toutes possibilités d'influencer les témoins ou les victimes, ou éviter une concertation frauduleuse entre inculpés et complices;
- Préserver l'ordre public;
- Protéger l'inculpé ou garantir son maintien à la disposition de la Justice en empêchant une éventuelle fuite de sa part.

***Durée de la détention préventive:***

La durée de la détention préventive est de six (6) mois en matière correctionnelle et huit (8) mois en matière criminelle (Art. 334 bis CPP).

***Lieu de détention préventive:***

La détention préventive s'exécute dans une maison d'arrêt, ou un quartier séparé de l'établissement pénitentiaire, après la phase d'instruction jusqu'à l'entrée en phase de jugement. **(Art 550 du C.P.P).**

***Un inculpé en détention préventive a des droits:***

- D'être traité avec humanité et dignité;
- D'être immédiatement libéré en cas de détention arbitraire ou d'arrestation illégale;
- D'être dédommagé en cas de détention illégale;

- D'être séparé des personnes déjà condamnées **(Art 550 du C.P.P);**
- D'être séparé des personnes adultes, pour les mineurs de plus de 13 ans;
- De formuler une demande de liberté provisoire et d'en bénéficier si les autorités compétentes estiment qu'il n'y a pas de risque de fuite, ni de récidive de sa part avant le procès. **(Art 337 et suiv. du C.P.P);**
- D'être libéré s'il est un mineur de moins de 13 ans, parce qu'il est pénalement irresponsable.

**Etape 4. La phase de jugement**

## QUELLE EST LA JURIDICTION COMPETENTE ?

- Pour le cas de contravention, la juridiction compétente est le Tribunal de Simple Police **(Art 487 du C.P.P);**
- Pour le cas de délit, la juridiction compétente est le Tribunal Correctionnel **(Art 445 du C.P.P);**
- Pour le cas de crime, la juridiction compétente est la Cour Criminelle **(Art 404 du C.P.P);**

- Quant aux pourvois en cassation, ils sont formulés devant la Cour Suprême **(Art 542 du C.P.P).**

Pendant la phase de jugement, le prévenu ou l'accusé a des droits :

- Demander un renvoi du procès à une nouvelle date pour mieux préparer sa défense;
- De comparaître librement devant le juge ;
- D'être assisté par un avocat;
- Au respect de son droit à la défense;
- D'avoir un interprète s'il ne comprend pas la langue par laquelle se font les échanges au procès **(Art 426 du C.P.P);**
- D'être libéré immédiatement s'il n'est pas déclaré coupable;
- De formuler un recours devant la Chambre correctionnelle et de simple police de la Cour d'Appel pour contester un jugement de condamnation **(Art 475 du C.P.P)**, dans un délai de 10 jours à compter du prononcé du verdict. **(Art 466 du C.P.P).**

## Etape 5. L'exécution de la peine

La personne condamnée a des droits :

☞ D'être traité avec humanité;
☞ Ne pas être torturé;
☞ D'être dans un environnement sain et propre;
☞ De recevoir les soins médicaux nécessaires et adéquats en cas de maladie;
☞ Recevoir la visite de ses proches.

OHCHR

## Cas de l'enfant en conflit avec la loi

**Loi 2016- 018** relative aux mesures et à la procédure applicables aux enfants en conflit avec la loi).

Age de responsabilité pénale : **13 ans (art 8** Loi 2016- 018**).**

L'enfant de moins de 13 ans ne peut faire l'objet de poursuite, ni être tenu pénalement responsable dans le cadre d'une procédure pénale (**art 8** Loi 2016- 018), ni être gardé à vue (**art 34** Loi 2016- 018), ni placé sous mandat de dépôt (**art 88** Loi 2016- 018).

### Enquête préliminaire

- L'enfant suspecté ne peut être auditionné par les Officiers de Police Judiciaire qu'après information du Procureur de la République ou du Juge des enfants **(art 29** Loi 2016- 018**).**

- L'enfant a le droit de connaître l'identité des responsables de son arrestation et d'être informé de ses droits (**Art 31** Loi 2016-018).

- Dès l'enquête préliminaire, l'enfant doit bénéficier d'une assistance juridique (**art 33** Loi 2016- 018).

- Il doit être entendu en présence de son défenseur et de ses parents, ou d'un membre de sa famille, ou d'une personne ayant autorité sur lui ou, à défaut, d'une personne de son choix ou d'un commis d'office désigné par le Juge des enfants (**art 33, art 48** Loi 2016-018).

- La mise en garde à vue ne peut être engagée à l'endroit d'un enfant que dans des conditions particulières (**art 35** Loi 2016- 018). Si la garde à vue est nécessaire, elle ne peut dépasser 24 heures (**art 36** Loi 2016- 018).

## Quelle est la juridiction compétente ?

Les juridictions pour enfant sont compétentes pour connaître toute infraction à la loi pénale commise par un enfant (**art 44** Loi 2016- 018).

## L'instruction

L'information est secrète. Toutefois, l'enfant doit toujours être assisté durant la procédure (**art 49** Loi 2016- 018).

## La détention préventive

La détention préventive d'un enfant est une mesure exceptionnelle et de dernier recours (**art 85 et 89** Loi 2016- 018).

## *L'enfant en détention :*

- Est placé dans le quartier réservé aux mineurs et séparé des enfants condamnés. Les garçons doivent être séparés des filles (**art 90** Loi 2016- 018).

- Doit recevoir une éducation ou une formation professionnelle adaptée à ses besoins et aptitudes, propres à préparer sa réinsertion sociale (**art 91** Loi 2016-018).
- A le droit de rester en contact avec sa famille par la correspondance et par les visites (**art 91** Loi 2016- 018).

**<u>Durée de la détention préventive</u>**

- La détention préventive est de trois (3) mois en matière correctionnelle et de six (6) mois en matière criminelle (**art 92** Loi 2016- 018).
- La durée de la détention ne peut être prolongée que sur décision motivée rendue par la Chambre chargée de statuer sur la détention préventive après avis du Juge des enfants et réquisitions du Ministère Public ; et ne saurait excéder une nouvelle période de trois (3) mois tant en matière correctionnelle qu'en matière criminelle (**art 92** Loi 2016- 018).

## Phase de jugement

- La privation de liberté n'est imposée à un enfant en conflit avec la loi que comme mesure de dernier recours, elle est d'une durée aussi brève que possible et fait l'objet d'un examen régulier.
- Un enfant de plus de 13 ans qui a commis une infraction et à l'égard duquel est établie la prévention, bénéficie de plein droit des excuses atténuantes de minorité (**art 9** Loi 2016- 018).
- Un enfant de 13 à 18 ans, dont la responsabilité pénale est retenue par la Cour criminelle, bénéficie de l'excuse atténuante de minorité ainsi que d'une peine moins sévère (**art 112** Loi 2016- 018).
- En aucun cas, la déportation ne peut être prononcée contre un enfant (**art 113** Loi 2016- 018).

## Mesures alternatives à la procédure judiciaire

- Les enfants ne peuvent faire l'objet que de mesures de protection, d'éducation ou de réforme, en vertu d'un régime d'irresponsabilité pénale qui n'est susceptible de dérogation qu'à titre exceptionnel et par décision motivée.
- Lorsqu'il est jugé opportun, des mesures alternatives aux procédures judiciaires sont proposées pour traiter les enfants en conflit avec la loi : le contrôle judiciaire, la prestation de service à la communauté, la liberté surveillée, le placement, le placement dans un établissement médical ou psycho- éducatif, la restitution, la réparation matérielle des dommages causés (**art 58 et 103** Loi 2016-018).

### *Le contrôle judiciaire*

Mise en liberté de l'enfant soumise à un certain contrôle.

## *La prestation de service à la communauté*

Réalisation de travaux gratuits intéressant la communauté.

## *La liberté surveillée*

Mise en liberté de l'enfant accompagnée de sa rééducation par des travailleurs sociaux.

## *Le placement*

Confier l'enfant à une personne ou une institution digne de confiance.

OHCHR

*The Office of the United Nations High Commissioner for Human Rights (OHCHR) Madagascar*
*Maison Commune des Nations Unies,*
*Zone Galaxy Andraharo, Route Majunga, Antananarivo*
*BP 1348*
*Tél : 020 23 300 92*
*E- mail : VAndriamanantenasoa@ohchr.org*

OUR RIGHTS
OUR FREEDOMS
ALWAYS

HUMAN RIGHTS DAY 2015


| | |
|---|---|
| Editor in chief : | Omer Kalameu, HRA. |
| Editors : | Tovohery Razakamanana,<br>Volahery Andriamanantenasoa,<br>Rojo Rabarijaona. |
| Designer: | Volahery Andriamanantenasoa. |
| Translator: | Tovohery Razakamanana. |

« FANTARO NY ZONAO »

**Hetsika fanabeazana, fanentanana, ary fanapariahana ny Zon'Olombelona mahakasika ny lohahevitra**

# Ny zon'olombelona manontolo ho an'ny Malagasy rehetra

OUR RIGHTS
OUR FREEDOMS
ALWAYS

__*Andiany I*__

***« Ny zon'olombelona eo anivon'ny fandraharahana ny fitsarana »***

NATIONS UNIES
DROITS DE L'HOMME

**Oktobra 2017**

**Olom-pirenena miara-dalana amin'ny fitsarana miaro ny zon'olombelona.**



Na ny fehin-kevitra navoakan'ny Filan-kevitry ny Zon'olombelona nandritra ny fanoloran'i Madagasikara ny tatitra ara-potoana mahakasika ny zon' olombelona ny volana Novambra 2014, na ireo fehin-kevitra avy amin'ny rafitra manohana fifanekena iraisam-pirenena sy ireo mpamita iraka manokana, dia samy mampivoitra ny maha-zava-dehibe ny fandikana amin'ny teny malagasy sy ny fanapariahana ireo fifanekena iraisam-pirenena sy rijanteny mahakasika ny zon'olombelona.

Mifanindran-dalana amin'izany ny ezaka fanabeazana mahakasika ny zon' olombelona tontosain'ny Kaomisarià ambony misahana ny zon'olombelona, izay manome tantsoroka ny fitondram-panjakana malagasy mba ho fampanjariana sy ho fiarovana ny zon'olombelona eto anivon'ny firenena.

Mba hanatanterahana izany fanapariahana sy famahoahana ny zon'olombelona izany dia nametraka fanamby ny hamokatra bokikely mahakasika ny zon'olombelona ho an'ny

sarambabembahoaka ny Kaomisarià ambony misahana ny zon'olombelona. Izany bokikely izany, izay havoaka amin'ny teny malagasy sy frantsay, dia natao hampahafantarana amin'ny fomba tsotra ireo lohahevitra manokana mahakasika ny zon'olombelona.

Kendrena amin'izany ny hanorenana soatoavina mitandro ny zon'olombelona sy ny firaisa-monina, omban'ny fiovan'ny toe-tsaina sy ny fanao mahazatra ary ny fiasa, eo anivon'ny tompon'adidy sy ny tompon-jo.

Indro àry atolotra antsika ny andiany voalohany amin'izany bokikely izany, izay milaza ny zo eo anivon'ny fandraharahana ny fitsarana. Misongadina amin'izany ny lanjan'ny fanajana ireo fenitra sy foto-kevitra mahakasika ny zon'olombelona eo anivon'ny fisamborana, famotorana, fiatrehana fitsarana, fihazonana amponja, ary fampiharana sazy.

**Omer KALAMEU**

**Mpanolo-tsaina momba ny zon'olombelona**

## Dingana 1. Fisamborana sy fanadihadiana.

### IZA NO AFAKA MISAMBOTRA NY OLONA AHIAHIANA HO NAHAVITA HELOKA?

- Ireo mpiandraikitra ny fikarohana fandikan-dalàna.**(And 123- 127 fehezandalàna momba ny paika ady heloka-FPAH);**
- Ny mpiasam-panjakana izay nomen'ny lalàna fahefana manokana ny hanamarina sy hanenjika (izay manao fianianana mialoha ny hanatontosany ny asany). **(And 128 FPAH);**
- Ny olom-pirenena rehetra, raha sendra fahatrarana ambodiomby. **(And 143 FPAH).**

### FANAOVANA ANDRIMASO

**Iza no manapaka ny fanaovana andrimaso ?**

- Ireo mpiandraikitry ny fikarohana fandikandalàna, mandritra ny 48 ora na 2 andro **(And 136/1 FPAH)**. Rehefa dila io fe-potoana io dia tsy maintsy avotsotra ilay olona ahiahiana, na entina manoloana ny mpitsara ao amin'ny fampanoavana.

Azo atao ny mampitombo hatramin'ny 48 ora io fanaovana andrimaso io, raha nahazoana alalana voarakitra an-tsoratra avy amin'ny mpitsara na ny manam-pahefana avy amin'ny fampanoavana, izay ampiarahina amin'ny firaketana an-tsoratra. **(And 136/l 4 FPAH).**

***<u>Ny olona tanana atao andrimaso dia manan-jo:</u>***

- Hoheverina tsy meloka ambarapivoakan'ny didim-pitsarana manameloka azy. **(And 11 Fanambarana iraisam -pirenena momba ny zon'olombelona );**
- Hizaka fitoviana eo anatrehan'ny fitsarana. **(And 14 Fifanarahana iraisampirenena mikasika ny zo maha- olompirenena sy pôlitika);**
- Hampahafantarina ny anton-javatra nisamborana azy;
- Hovangian'ny tapaka sy namana, ary hotronin'ny mpisolovava;
- Hotsimbinina amin'ny maha- olona azy;
- Hotazomina anivona toerana madio;

Hohadihadiana amin'ny fiteny izay

azony tsara;

- Hanao sonia ny fitanana an-tsoratra, na tsia raha toa ka tsy manaiky izay voarakitra ao anatin'izany izy;
- Tsy hampijaliana;
- Handà ny hiteny.

*Fanamarihana : Tsy azo tazonina miaraka amin'ny toerana iray ny zaza sy ny vehivavy ary ny lehilahy* ***(And 35 sy 43- didy hitsivolana laharana faha- 62-038 tamin'ny 19 septambra 1962 mikasika ny fiarovana ny ankizy, (And 556 FPAH).***

## *Dingana 2. Ny famotorana*

**Iza no miandraikitra ny famotorana ?**
Ny mpitsara mpanao famotorana izay namoaka ny didy fampisamborana no manatanteraka izany famotorana izany.

***Mandritra ny famotorana, ny voampanga dia manan-jo:***

- Hahafantatra ireo antony iampangana azy **(And 273 FPAH);**

- Hanao fanambarana na tsia **(And 273 FPAH);**
- Hanana mpisolovava na mpanolotsaina hiantoka ny fiarovana azy. Raha tsy manana fahafahana hanao izany izy dia ny fitsarana no manolotra mpisolovava hiaro azy maimaimpoana **(And 53 FPAH)**;
- Hiserasera an-kalalahana amin'ny mpisolovava azy aorian'ny famotorana voalohany **(And 54 FPAH);**
- Hanehoana fanajana;
- Hohainoina avy hatrany 24 ora aorian'ny fisamborana azy tamin'ny alalan'ny fanomezam-pahefana hitondra **(And 104 FPAH);**
- Hoafahana raha toa ka tsy nohenoina avy hatrany na nalaina am-bavany tao anatin'io fe-potoana io **(And 105 FPAH).**

## Dingana *3. Ny fitanana am-ponja vonjy maika*

### IZA NO MANAPAKA NY FITANANA AM-PONJA VONJY MAIKA?

Ny fitanana am -ponja vonjy maika dia fepetra manokana raisin'ny mpitsara mpanao famotorana na ny Rantsana tompon'andraikitra amin'ny fitanana am-ponja. **(And 223 bis sy ny And 333 sy ny manaraka FPAH).**

*Antony ilàna ny fitanana am-ponja vonjy maika?*

*Ampiharina ny famonjana vonjy maika raha ilaina mba :*

- Hitahirizana porofo sy singa famantarana mivaingana;
- Hisorohana ny fandresen- dahatra na fampitahorana ataon'ny olona amin'ny vavolombelona na ny niharan'ny heloka ; na koa hisorohana ny fikonokononan-javatra tsy ara-dalàna ataon'ny voampanga sy ny mpiray tsikombakomba aminy;
- Ho fitandroana ny filaminam-bahoaka;
- Hiarovana ny voampanga, na hisorohana ny fitsoahany tsy hiatrika ny fitsarana izay mety hiantsoana azy.

***Faharetan'ny famonjana vonjy maika:***

- Ny famonjana vonjy maika dia voafetra ho enim-bolana (6) ho an'ny heloka tsotra ary valo (8) volana ho an'ny heloka bevava.
- Io fe-potoana io dia azo halavaina indray mandeha ihany telo (3) volana raha be indrindra ho an'ny heloka tsotra, ary enim-bolana (6) raha be indrindra ho an'ny heloka bevava. Izany fanalavana fe-potoana izany dia tsy maintsy avy amin'ny fanapahana omban'antonantony ataon' ny Rantsana tompon'andraikitra amin'ny fitanana am-ponja. (And 334 bis FPAH). Izany fanalavana fe-potoana izany dia tsy maintsy avy amin'ny fanapahana omban'antonantony ataon'ny Rantsana tompon'andraikitra amin'ny fitanana am-ponja. (**And 334 bis FPAH**).

***Toerana fitanana am-ponja vonjy maika:***

Ny famonjana Vonjy maika dia ampiharina anivona fonja na toerana voatokana izay tondroin'ny sampan-draharaha miahy ny fonja, aorian'ny famotorana mandra- piavin'ny fotoam -pitsarana (And 550 FPAH).

 ***Ny voampanga tazonina am-ponja vonjy***

*maika dia manan-jo:*

- Hokarakaraina amim-pahamendrehana amin'ny maha-olona azy;
- Hoafahana eo no ho eo manoloana fitan-ana am-ponja na fisamborana tsy ara-dalàna;
- Hahazo fanonerana raha tojo fitanana am-ponja tsy ara-dalàna;
- Tsy hampiraisina toerana amin'ireo olo-na efa voaheloka **(And 550 FPAH)**;
- Tsy hampiraisina toerana amin'ireo olon -dehibe (ho an'ireo ankizy mihoatra ny 13 taona);
- Hangataka fahafahana vonjy maika, sy hahazo izany raha heverin'ny tom-pon'andraikitra mahefa fa tsy misy ahiahy ny amin'ny mety hitsoahany na hamerenany heloka **(And 337 sy ny manaraka FPAH);**
- Hoafahana madiodio, ho an'ny zaza latsaky ny 13 taona, noho izy ireo tsy tompon' andraikitra manoloana ny fehezan-dalàna famaizana.

## Dingana 4. Ny fotoam-pitsarana

**IZA NO AMBARATONGAM-**

**PITSARANA MAHEFA?**

- Ny fitsarana miandraikitra ny ady heloka madinika no misahana ny fitsarana ady heloka madinika **(And 487 FPAH);**
- Ny fitsarana miandraikitra ny ady heloka tsotra no misahana ny fitsarana ady heloka tsotra **(And 445 FPAH);**
- Ny fitsarana miandraikitra ny ady heloka be vava no misahana ny fitsarana ady heloka be vava **(And 404 FPAH);**
- Ny fitsarana tampony no misahana ny fangatahana fandravana didy (**And 542 FPAH**).

***<u>Mandritry ny raharaham-pitsarana, ny voatondro na voampanga ho nanao heloka dia manan-jo</u>*** :

- Hangataka fanemorana ny fotoam-

pitsarana mba hahafahany manomana ny fiarovan-tenany;

- Hiatrika an-kalalahana ny fitsarana;
- Hotronin'ny mpisolovava;
- Hotandrovana zo hiaro tena;
- Hanana mpandika teny raha toa ka tsy mahazo ny fiteny ampiasaina mandritry ny raharaham-pitsarana.**(And 426 FPAH);**
- Ho afahana avy hatrany rehefa tsy ambara ho voaheloka;
- Hampakatra ny raharaha eny anivon'ny ambaratongam-pitsarana ambony **(And 475 FPAH)** ao anatin'ny 10 andro nivoahan'ny didim -pitsarana fanamelohana.**(And 466 FPAH).**

***Dingana 5. Ny fampiharana ny famaizana***

***Ny olona voaheloka dia manan-jo :***

- Hohajaina amin'ny maha-olombelona azy;
- Tsy hampijaliana mandritra ny fitanana am-ponja;
- Hapetraka anivona toerana madio sy

ara-pahasalamana;

- Hanaraka ny fitsaboana rehetra ilaina araka ny tokony ho izy raha tojo tsy fahasalamana.

## Ny ankizy nanao heloka:

**(Lalàna laharana faha- 2016- 018 mikasika ny fepetra sy paika arahina ampiharina amin'ny ankizy nanao heloka- LFPANH).**

**Taona iatombohan'ny andraikitra ara-keloka:**

Ny ankizy feno **13 taona** no heverina ho manana andraikitra ara-keloka. (**and 8 LFPANH**).

*Ny ankizy latsaky ny 13 taona dia:*

- Tsy azo enjehina na raisina ho tompon'andraikitra ara-keloka araka ny paika ady heloka (**and 8 LFPANH**).
- Tsy azo tanana ambany maso (**and 34 LFPANH**) na ampidirina am-ponja (**and 88 LFPANH**).

## Fanadihadiana

- Ny ankizy voarohirohy dia tsy azon'ny mpikaroka ny fandikan-dalàna henoina na anatanterahana paika arahina momba azy, raha tsy aorian'ny fampahafantarana ny Mpampanoa mahefa na ny Mpitsara ny ankizy **(and 29 LFPANH).**
- Ny ankizy dia manan-jo hahalala ny momba-momba ireo tompon'andraikitra misahana ny fisamborana azy, sy hahafantatra ny zony. Ny tsy fanajana izany dia manafoana ny paika arahina (**and 31 LFPANH**).
- Ny ankizy dia misitraka ny fanampiana ara-pitsarana dieny eo amin'ny fanadihadiana mialoha (**and 33 LFPANH**).
- Ny ankizy dia henoina eo anatrehan'ny mpiaro azy, sy ireo ray aman-dreniny, na ny olona iray ao amin'ny fianakaviany, na ny olona iray manana fahefana aminy, na raha tsy izany olona nofidiany na ny fikambanana mizaka ny zo aman'andraikitra, ankatoavin'ny Fanjakana, miasa ho amin'ny fiarovana ny zon'ny ankizy (**and 33, and 48 LFPANH).**

- Ny ankizy dia tsy azo tanana ambany maso raha tsy noho ny antony manokana (**and 35 LFPANH**). Raha ilaina ny fitanana ambany maso, dia tsy tokohy hihoatra ny 24 ora izany (**and 36 LFPANH**).

**Iza no ambaratongam-pitsarana mahefa?**

Ny Mpitsara ny ankizy na ny Mpitsara ampiandraiketina ny asa-maha-Mpitsara ny ankizy no misahana ny famotorana mikasika ny heloka nataon'ny ankizy (**and 44 LFPANH**).

**Ny famotorana**

Tsiambaratelo ny famotorana ny ankizy. Na izany aza dia atrehin'ny mpiaro azy mandrakariva izy mandritra ny paika arahina (**and 49 LFPANH**).

**Ny fitanana am-ponja vonjimaika**

Ny fitanana am-ponja vonjimaika ny ankizy dia raisina amin'ny fotoana farany, ary misy fepetra manokana (**and 85 sy 89 LFPANH**).

*Ny zaza voatana dia:*

- Apetraka any amin'ny faritra voatokana ho an'ny zaza tsy ampy taona sy misaraka amin'ny ankizy voaheloka. Sarahin-toerana ny ankizy lahy sy ny ankizy vavy **(and 90 LFPANH)**.

- Tokony hahazo fampianarana na fampiofanana amin'asa aman-draharaha mifanaraka amin'ny filàny sy ny fahafahany manokana mba hanomanana ny famerenana azy ho eo amin'ny fiaraha-monina **(and 91 LFPANH)**.

- Manan-jo hifandray amin'ny fianakaviany amin'ny alalan'ny taratasy ifandefasana sy fitsidihana **(and 91 LFPANH** ).

**Faharetan'ny fitanana am-ponja vonjimaika**

- Ny famonjana ankizy vonjimaika dia voafetra ho telo (3) volana ho an'ny heloka tsotra ary enim-bolana (6) ho an'ny heloka bevava **(and 92 LFPANH)**.

- Io fe-potoana io dia tsy azo halavaina raha tsy avy amin'ny didim-pitsarana manokana omban'antony avy amin'ny Rantsana mi-andraikitra ny famoahana didy momba ny fitanana am-ponja vonjimaika, aorian'ny fanehoan-kevitry ny Mpitsara ny ankizy sy ny fitakian'ny Fampanoavana, ary tsy tokony hihoatra ny fe-potoana vaovao izay telo (3) volana na izany amin'ny heloka tsotra na amin'ny heloka bevava (**and 92 LFPANH**).

## Ny fotoam-pitsarana

- Ny fanesorana ny fahafahana dia tsy azo ampiharina amin'ny ankizy nanao heloka raha tsy amin'ny fotoana farany, ary tanterahina anatin'ny fotoana fohy sy anaovana fandinihana matetika.
- Ny ankizy mihoatra ny 13 taona izay nanao fandikan-dalàna ka voampanga fa tena nanao izany, dia misitraka avy hatrany ny famelan-tsazy amin'ny maha-zaza tsy ampy taona azy.

- Ny ankizy 13 ka hatramin'ny 18 taona izay raisin'ny fitsarana heloka bevava ho tompon'andraikitra ara-keloka, dia misitraka ny fanalefahan-tsazy noho ny maha-zaza azy (**and 112 LFPANH**).
- Ny ankizy dia tsy azo ampiharana mihitsy sazy fanaovana sesitany (**and 113 LFPANH**).

<u>Ny fepetra azo asolo ny paika arahina ara-pitsarana</u>

- Noho ny ankizy tsy azo raisina ho tompon'andraikitra ara-keloka, dia tsy azo ampiharana famaizana ankoatra ny fepetra fiarovana, na fanabeazana, na fanarenana azy.
- Azo atao ny mandray fepetra hafa asolo ny paika arahina ara-pitsarana manoloana ny ankizy nanao heloka. Isan'izany ny fanaraha -maso ara-pitsarana, ny fisahanana asa ho an'ny vondron'olona, ny fahafahana atao andrimaso na ny fametrahana any amin'ny foibe, ary ny fametrahana any amin'ny toeram-pitsaboana na fanabeazana ara-tsaina (**and 58 sy 103 LFPANH**).

*Ny fanaraha-maso ara-pitsarana*

Fanomezana fahafahana arahina fanaraha-maso.

*Fisahanana asa ho an'ny vondron'olona*

Fanatontosana maimaimpoana asa ho an'ny tombontsoan'ny fiaraha-monina (tsy mihoatra ny enim-bolana).

*Fahafahana atao andrimaso*

Fanomezana fahafahana arahina fanarenana eo ambany fiahian'ny mpanao asa sôsialy.

*Fametrahana*

Fanankinana ny zaza nanao heloka amin'olona iray na fikambanana mahatoky.

---

*The Office of the United Nations High Commissioner for Human Rights (OHCHR) Madagascar*
*Maison Commune des Nations Unies,*
*Zone Galaxy Andraharo, Route Majunga, Antananarivo*
*BP 1348*
*Tél : 020 23 300 92*
*E- mail : VAndriamanantenasoa@ohchr.org*

**OUR RIGHTS**
**OUR FREEDOMS**
**ALWAYS**

HUMAN RIGHTS DAY 2015


| | |
|---|---|
| **Editor in chief :** | **Omer Kalameu, HRA.** |
| **Editors :** | **Tovohery Razakamanana,**<br>**Volahery Andriamanantenasoa,**<br>**Rojo Rabarijaona.** |
| **Designer:** | **Volahery Andriamanantenasoa.** |
| **Translator:** | **Tovohery Razakamanana.** |

Ny 10 desambra 1948 no nolaniana sy nampahafantarin'ny Fivoriamben'ny Firenena Mikambana ny Fanambarana Iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona. Taorian'izany vanin'andro manan-tantara izany dia nangataka tamin'ireo firenena mpikambana rehetra ny Fivoriambe mba hampiely ity " Fanambarana Iraisam-pirenena momba ny Zon'olombelona" ity, hizara sy hanao azy ho peta-drindrina, hahafahan'ny tsirairay mamaky sy mandalina ny ventin-kevitra voafono ao anatiny, indrindra any an-tsekoly sy eny anivon' ireo toeram-pampinarana hafa, ka tsy hanavahana izay sata pôlitika ijoroan'ny firenena ny fanaovana izany.

## FANAMBARANA IRAISAM-PIRENENA MOMBA NY ZON'OLOMBELONA

### Sasin-Teny

Heverina fa ny fankatoavana ny fahamendrehan'olombelona sy ny zony mitovy ary tsy azo tohintohinina dia anisan'ny fototry ny fahafahana, ny rariny ary ny fandriam-pahalemanana eran-tany. Heverina fa ny tsy fahafantarana sy fanaovana tsinontsinona ny zon'olombelona dia mitarika amin'ny fihetsika feno habibiana mampikomy ny fieritreretan'ny mpiara-belona. Ny fametrahana tontolo vaovao hivelaran'n y olona afaka eo amin'ny filazana ny hevitra sy ny finoana, ary tsy voagejan'ny tahotra sy ny fahoriana no hetaheta lehibe indrindra ho an' ny olombelona. Heverina fa ilaina ny miaro ny zon'olombelona amin'ny fametrahana rafitra tandalàna mba tsy hitarika azy hikomy fa hanohitra kosa ny fampihorohoroana sy ny fampijaliana. Heverina fa zava-dehibe ny famporisihana hatrany ny fifandraisana ara-pirahalahiana eo amin'ny firenen-tsamihafa. Heverina fa ny Fanjakana Mpikambana rehetra dia manaiky hanaja ny zon'olombelona sy ny fahafahana fototra, ka hiara-miasa amin'ny Firenena Mikambana

izy amin'izany. Heverina fa ny fitoviam-pijery mikasika ireny zo sy fahafahana ireny dia zava-dehibe ho an'ny fanatanterahana feno izao fiandaniana miharihary izao.

Koa dia manambara ny Fivoriambe fa ity Fanambarana iraisam- pirenena momban'ny Zon'olombelona ity dia toy ny idealy iombonana ka ny firenen-drehetra sy ny vahoaka rehetra no hiara-manatratra azy mba hahatonga ny olona tsirairay sy ny sampan-draharaha samihafa ao amin'ny fiaraha-monina hiezaka hampandroso ny asa enti-manaja ny zo sy ny fahafahan'olombelona amin'ny alalan'ny fampianarana sy ny fanabeazana ary hiantoka koa ny hampanekena sy hampakatoavana izany amin'ny alalan'ny fepetra samihafa na nasiônaly na iraisam- pirenena ho fampiharana amin'ny fomba hentitra ny Zon'olombelona na eo amin'ny vahoakan'ny Fanjakana efa mpikambana na eo amin'ny mponina any amin'ireo tany napetraka eo ambany fitantanan'izy ireny.

## ANDININY VOALOHANY

Nateraka ho afaka sy mitovy zo sy fahamendrehana ny olombelona rehetra. Samy manantsaina sy fieritreretana ka tokony hifampitondra am- pirahalahiana.

## ANDININY FAHA-2

Samy afaka hizaka ny zo sy ny fahafahana rehetra voalaza ato amin'ity Fanambarana ny Zon'olombelona ity ny tsirairay na inona volon-kodiny na firazanany, na vavy na lahy, na manao ahoana na manao ahoana ny firehan-keviny sy fivavahany sy izay fihaviany na saranga misy azy na inona.

## ANDININY FAHA-3

Manana zo hiaina, ho afaka, hahazo fiarovana ny olona tsirairay.

## ANDININY FAHA-4

Tsy misy olombelona azo andevozina na ampanompoana. Raràna ny fanandevozana sy ny varotra andevo na inona na inona endrika isehoany.

## ANDININY FAHA-5

Tsy misy olombelona azo ampijaliana na saziana na anaovana fitondrana feno hasiahana, tsy mifanaraka na mampietry ny maha- olona.

## ANDININY FAHA-6

Manan-jo hitaky ny fankatoavana ny maha-olona azy araka ny voafaritry ny lalàna ny tsirairay na aiza na aiza toerana alehany.

## ANDININY FAHA-7

Mitovy ny olon-drehetra eo anatrehan'ny lalàna ary samy manan-jo ho arovan'izany lalàna izany, indrindra manoloana izay mety ho fanavaka-vahana na fihantsiana manana endrika fanavaka-vahana ka mety hanitsakitsaka ity Fanambarana ity.

## ANDININY FAHA-8

Manan-jo hitory amin'ny Fitsarana misy ao amin'ny taniny ny olona tsirairay raha mahatsapa fa voahosy ny zo fototra nomen'ny lalàna na ny lalam- panorenana azy.

## ANDININY FAHA-9

Tsy misy olona azo samborina tsy amin'antony na tazonim-poana na atao sesi-tany tsy voahelo-ka.

## ANDININY FAHA-10

Manan-jo ny olon-drehetra mba hohainoin'ny Fitsarana am-pahibemaso sy tsy am-piangarana ny heviny, ka ho fitsarana mahaleo tena sy tsy miangatra no hametra ny zony sy ny mahamarim-pototra na tsia ny fiampangana atao aminy.

## ANDININY FAHA-11

1. Izay olona voampanga dia heverina ho mbola tsy manan-tsiny mandra- pivoakan'izay didy manameloka azy. Izany didy izany dia havoakan'ny tribonaly nitsara am-pahibemaso ka nanome ny antoka rehetra fa afaka niaro tena ilay voampanga.
2. Tsy misy olona azo helohina noho ny asa na fanadinoana raha toa izany ka natao tamin'ny fotoana izay tsy mbola ahafantarana fa mahadiso ilay fihetsika na ilay asa araka ny lalàna nasionaly na iraisam-pirenena. Torak'izany koa, tsy misy azo saziana mihoatra noho izay sazy voalaza fa ampiharina ao amin'ny tany misy azy tamin'ny fotoana nanaovany ilay fahadisoana.

## ANDININY FAHA-12

Tsy misy olona azo hitsabahana ny fiainany manokana, ny fianakaviany, ny fonenany, ny

taratasy ifandefasany na hitsahana ny voninahiny sy ny lazany. Zon'ny olona ny harovan'ny lalàna eo anatrehan'ny fanitsakitsahana tsy aradrariny sy tsy ara-dalàna rehetra.

## ANDININY FAHA-13

1. Zon'ny olona rehetra ny mivezivezy ankalalahana ary mifidy izay toerana tiany hipetrahana ao anatin'ny fanjakana iray.
2. Zon'ny olon-drehetra koa ny miala amina tany iray, eny fa na dia ny taniny aza, ka miverina amin'ny tany misy azy.

## ANDININY FAHA-14

1. Raha misy fanenjehana azy, dia zon'olondrehetra ny mitady fialokalofana any an-kafa;
2. Io zo io kosa dia tsy azo ampiharina amin'ny raharahan-keloka tsotra na amin'ireo asa sy fihetsika mifanohitra amin'ny foto- pisainana sy zava-kendren'ny Firenena Mikambana.

## ANDININY FAHA-15

1. Manan-jo hizaka zom-pirenena ny isambatan'olona.
2. Tsy misy olona azo verezin-jo tsy amin'ny rariny na raràna tsy hiova zom-pirenena.

## ANDININY FAHA-16

1. Rehefa tonga taona ny lehilahy sy ny vehivavy dia manan-jo hivady sy hanorina fianakaviana ka tsy mahasakana izany na fihodirana na zom-pirenena na finoana. Mitovy zo eo anatrehan'ny fanambadiana, mandritra ny fanambadiana ary amin'ny faharavan'ny fanambadiana izy ireo.
2. Tsy misy mariazy azo raiketina raha tsy sitrapon'ireo hivady.
3. Ny fianakaviana no fototra ara-boajanahary iorenan'ny fiaraha- monina, ka manan-jo hoarovan'ny fiaraha-monina sy ny fanjakana.

## ANDININY FAHA-17

1. Ny olon-drehetra dia manan-jo hanana fananana manokana na itambarana.
2. Tsy misy olona azo alaina fananana aminkery.

## ANDININY FAHA-18

Malalaka amin'ny heviny sy amin'ny fivavahana hinoany ary manan-jo hihaino ny feon'ny fieritreretany ny olon-drehetra. Io zo io dia mamela azy malalaka hiova fivavahana na firehana samihafa. Ny olon-drehetra koa dia manan-jo

izany finoany na firehany izany am-pahibemaso na ho an'olom-bitsy ; amin'ny alalan'ny fampianarana na fanaovana fomba amam-panao.

## ANDININY FAHA-19

Ny olon-drehetra dia afaka manana ny heviny ka hilaza izany an- kalalahana. Tsy tokony hampitahorina amin'izay fomba fijeriny, ary afaka mikaroka, mandray, mampiely izay vaovao na hevitra hitany amin'ny alalan'ireo fitaovampifandraisana misy ny olon-drehetra ; tsy hijerena sisin-tany.

## ANDININY FAHA-20

1. Ny olon-drehetra dia manan-jo malalaka hivory sy hanana fikambanana am-pilaminana.
2. Tsy misy olona azo terena hiditra amina fikambanana anankiray.

## ANDININY FAHA-21

1. Manan-jo handray anjara amin'ny fitantanana raharaham-bahoaka ao amin'ny taniny, mivantana na amin'ny alalan'ny solontena nofidiny malalaka, ny olon-drehetra.
2. Manan-jo hiditra amim-pitoviana amin'ny raharaham-panjakana ao amin'ny taniny ny olondrehetra.

3. Ny sitrapon'ny vahoaka no fototry ny fahefan'ny fitondram- panjakana. Amin'ny fifidianana no tokony hanehoany izany sitrapony izany, ka tokony ho marina sy hisy ara-potoana izany fifidianana izany. Aandraisan'ny daholobe anjara ary miafina ny latsa-bato na ara-pomba mitovitovy amin'izany ka miantoka ny fahalalahan'ny fifidianana.

## ANDININY FAHA-22

Ny olon-drehetra amin'ny maha-mpikambana ao amin'ny fiaraha-monina azy dia manan-jo hisitraka fiahiana ara-tsôsialy. Fiantohana natao hanajana ny zo ara-toe-karena, ara-tsosialy sy ara-kolotsaina izay ilain'ny fahamendrehan'ny olona sy ny fivoaran'ny maha-izy azy amin'ny alalan'ny ezaka nasionaly na iraisam-pirenena, araka ny fandaminana sy ny harem-pireneny.

## ANDININY FAHA-23

1. Manan-jo hanana asa ny olon-drehetra, hifidy izay asa tiany, ka amim-pitoviana sy ara-drariny no hanaovana izany. Manan-jo ho arovana amin'ny tsy fananan'asa koa izy.
2. Ny olon-drehetra dia manan-jo hahazo karama mitovy amin'ny asa mitovy, ka tsy

asiana fanavakavahana izany.

3. Izay miasa dia manan-jo hahazo karama ara-drariny hahafahany mivelona sy mamelona ny ankohonany araka ny tokony ho izy. Fidirambola ampiana fiarovana ara-tsosialy raha misy izany.

4. Manan-jo hanorina na hiditra amina sendika ihany koa ny tsirairay mba hiarovany ny zony.

## ANDININY FAHA-24

Manan-jo hiala sasatra sy hiala voly ny olondrehetra. Tokony ho ferana ara-drariny ny fotoam-piasana ary handraisana karama ny fialan -tsasatra amin'izany.

## ANDININY FAHA-25

1. Manan-jo hanana fari-piainana antonony sy ampy ny tsirairay mba hiantoka ny fahasalamany, sy izay rehetra mahasoa azy sy ny ankohonany : sakafo, fitafiana, fonenana, fitsaboana ary kojakoja sosialy ilaina rehetra. Manan-jo ihany koa hahazo fiahiana ara-tsosialy ny tsirairay raha sendra ny tsy fananan'asa, aretina, takaitra, fahanterana na antony hafa tsy niniany ka tsy ahafahany mivelona.

2. Manan-jo hahazo fanampiana sy fanarahamaso manokana ny reny sy ny zaza. Ny ankizy rehetra teraka tao anatin'ny mariazy na ivelany dia manan-jo mitovy amin'ny fiahiana aratsôsialy.

## ANDININY FAHA-26

1. Manan-jo hahazo fanabeazana ny olondrehetra. Tokony ho maimaim- poana izany, farafaharatsiny any amin'ny fampianarana fototra. Tsy maintsy atao ny fampianarana ambaratonga voalohany. Ny fampianarana teknika sy fanofanana arak'asa kosa dia tokony ho azon'ny rehetra idirana araka ny fahaizan'ny tsirairay.
2. Ny fanabeazana dia tokony hikendry ny fivelaran'ny maha-olona ; hanamafy ny fanajana ny fahafahana sy zo fototra, hampanjaka ny fifandeferana sy ny fifankatiavana eo amin'ny olon-drehetra sy ny firenen-tsamihafa ; ary hikatsaka izay hampandrosoana ny asan'ny Firenena Mikambana ho amin'ny fitandroana ny fandriampahalemana.
3. Ny ray aman-dreny ihany no voalohany manan-jo hifidy izay karazam- panabeazana omena ny zanany.

## ANDININY FAHA-27

1. Ny olon-drehetra dia manan-jo handray anjara amin'ireo fihetsiketsehana ara-kolotsaina atao ao amin'ny faritra misy azy.
2. Mahazo mankafy ny zava-kanto sy mandray anjara amin'ny fampivelarana ny siansa sy ireo tombontsoa aterak'izany. Tokony ho arovana ny zon'ny mpamorona eo amin'ny lafiny rehetra : voka-pikarohana siantifika, haisoratra, zava-kanto...

## ANDININY FAHA-28

Manan-jo hivelatra ao anatina rafitra mitandro ny zo sy ny fahafahana fototra voalaza ato anatin'ity fanambarana ity ny olon- drehetra, eo amin'ny lafiny sôsialy sy iraisam-pirenena.

## ANDININY FAHA-29

1. Manana adidy amin'ny fiaraha-monina izay ahafahany mivelatra ny tsirairay.
2. Ny lalàna ihany no mametra ny fizakan'ny tsirairay ny zony sy ny fahafahany. Izany dia mba hitandroana ny fanajana ny zon'ny hafa, ny fitsipika môraly, ny filaminam-bahoaka ary ny mahasoa ny olon- drehetra ao anatina fiaraha-monina demôkratika.

3. Tsy azo ampiharina ireo zo sy fahafahana ireo raha mifanohitra amin'ny foto-pisainana sy foto-kevitry ny Firenena Mikambana.

## ANDININY FAHA-30

Ny zava-boalaza rehetra ato anatin'ity Fanambarana ity dia tsy azon'ny Fanjakana na vondron'olona na olon-tsotra hadika ho manome azy ireo fahefana hanao asa mikendry handrava ny zo sy ny fahafahana voatanisa etsy ambony.